Tsimbazaza, faha-30 oktobra 1976

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY ARCHIVES

- FANOKAFANA NY FIVORIAN'NY KMF -

Andriamatoa Jeneraly, Filohan'ny Komity Miaramila momba ny Fampandrosoana,

Andriamatoa isany Manamboninahitra sy Manamboninahitra-Lefitra,

Fototry ny soritra lanja miakatra izoran'ny Revolisiona sy ny fananganana fiaraha-monina vaovao ary ny fampanjariana toe-karena matanjaka, mahaleotena, tantanam-bahoaka ny rafitra koperativa sy ny fahaizan-taratsy izay anisan'ny zava-baventy vao avy nodinihanareo teto Tsimbazaza.

Nifanindry rahateo tamin'ny fanombohan'ny ezaka tany amin'ireo koperativa sosialista voalohany ny fanadihadiana eo amin'ny fampivoarana ny Firenena ny hevitra atolotrareo hampiroboroboana ny farimbon'ny vahoaka sy ny foloalindahy.

Rano sy vary tokoa mantsy ankehitriny ny foloalindahy sy ny vahoaka. Avy amin'ny vahoaka ny foloalindahy, ary ho an'ny vahoaka no ijoroany sy itolomany. Milofo sy mamaky lay ny foloalindahy amin'ny asa fampandrosoana ary koa mikatroka hiaro ny fahaleovantenan'i Madagasikara ao anatin'ny fandriampahalemana sy fahendrena ary fiaraha-miaina tsimialonjafy.

Misaotra ny foloalindahy manokana noho ny asa vadidrano maro efa nifanakonany tamin'ny mponina eran'ny vazan-tany efatra.

Mankasitraka koa ny fahavononany andro aman'alina hitarika sy hanoro làla- mahitsy ny vahoaka tsy mandady harona.

Ary dia manainga anareo rehetra isan-tsokajy tsy misy avakavaka hiara-dia, hifanohana, hifanome hery amin'ny koperativa sosialista izay fitaovana ho entintsika manova endrika tanteraka ny fiainana sy ny toekarena eny an-tsaha sady soritra vaovao handrindrantsika amin'ny fikambanampanjakana eo amin'ny fandaminana ny asa sy ny fanaovan-taozavatra an-tanàndehibe.

Ny fototra iaingan'ny ezaka ataon'ny Firenena dia ny Fokonolona Sosialista. Ny fandaminana ny Fokonolona sosialista sy ireo ambaratongampanorenana hajoro tsy ho ela intsony ary harahin'ny fanazavana sy fanentanana ny Firenena manontolo, no tena faritra itoloman'ny vahoaka miavo-tena ary koa irotsahan'ny hery velona rehetra miroso amin'izany tolona izany. Ao anatin'izany fandaminana ny Fokonolona sosialista izany ny hirotsahan'ny mpiasam-bahoaka rehetra sy ny foloalindahy, hametrahany ny ezaka ataony ao anatin'ny ezaka goavana ataon'ny vahoaka.

Hivoaka tsy ela intsony ny fandaminana ny Fokonolona sosialista eto Madagasikara, izay hampiasa ny koperativa ho toy ny fitaovana tena sarobidy ary koa hanao vaindohan-draharaha ny ady amin'ny tsy fahaizantaratasy.

.../...

Hivoaka ao anatin'ny fotoana fohy koa ny "Dian'ny Farimbona Sosialista" izay hametra ny fotoana sy ny filamatra ary ny fepetra iraisan'ny karazana koperativa sosialista rehetra.

Didim-panjakana kosa no hanoritra ny fitsipika mandamina ny koperativa isan-tsokajiny.

Ao anatin'ny fe-potoana tsy ho ela koa no hamoahana ny "Dinan' ny Orin'Asa sosialista" izay hanova tanteraka ny satan'ny fikambanampanjakana rehetra.

Dingana lehibe ireo ary ho enti-mamadika any amin'ny varo tsy mifody ny farasisan'ny rafi-panjanahan'ny kapitalista, ary hirosoana kosa eo amin'ny fitantanan'ny vahoaka ny toe-karena araka ny rafitra mifandraika amin'ny tombontsoam-pirenena sy ny fanomezana fahafaham-po ny maro an'isa amin'izay zavatra ilainy hanondrotana ny fari-piainan'ny tsirairay ka hahasoa ny isan-tokan-trano rehetra.

Ezaka mankadiry, tsy azo irotorotoana mba tsy hisian'ny dia miverina, nefa kosa tsy ho laitra sembanin'ny mpanao ankaso, ny kely finoana ary ny mpitaraina tàna-miempaka izao hirotsahantsika izao. Koa alao hery !.

Porofoy hatrany fa mandan'ny vahoaka ny Foloalindahy, ary tokin' ny Foloalindahy ny vahoaka !.

Matoky manana anareo ny Firenena, koa hajao izany voninahidehibe izany.

Mahereza, ho ambinin-java-manasatra anie ianareo, hikapa hahita ny vaniny eo anivon'ny vahoaka, indrindra ny miaramila rahalahintsika.

"Ho ela velona ny Foloalindahy malagasy" !
"Ho tanteraka anie ny asa fampandrosoana" !
"Ary tsy ho hay tohaina ny firosoana amin'ny fiaraha-monina sosialista" !